AMBATOFINANDRAHANA

## Dahalo roa voasambotra niaraka tamin'ny basim-borona sy basy vita gasy

Voasambotrin'ny Zandary avy ao Ambatofinandrahana, faritra Amoron'i Mania, ny jiolahy miisa roa nanafika tokantrano iray tao Atsimontsena Ambatofinandrahana omaly alahady tamin'ny iray ora maraina. Rehefa nahazo fanairana ny Komandin'ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimaria ao Ambatofinandrahana fa misy andian-jiolahy mikasa hanafika ao Atsimontsena dia nidina ifotony tsy nisy hatak'andro niaraka tamin' ny olom-peheziny hanao vonji-taitra. Vao nahita an'ireo Zandary ireo jiolahy dia nanao tifitra variraraka ary nanao tari-dositra, ka tsy tanteraka ny fanafihany. Nanenjika ireo Zandary hatrany amin'ny tranon'ireo jiolahy tao Ampisorohana fokontany Andrahalana, ka voasambotra i Takotomanolo papan'i Lijery sy i Likoto rehefa nampiasàna tetikady mahomby. Tratra teny amin'izy ireo ny basim-borona sy basy vitagasy nampiasainy, niaraka tamin'ny bala cal12 sy cal16 ary ireo lefona maro. Mitohy hatrany ny fanenjehana ireo tsy mbola voasambotra miaraka amin' ny basy maherivaika.



*Ireo dahalo roa voasambotra tany Ambatofinandrahana.*

**Stefa**

Fidirana ho mpianatra zandary

## Nizotra tam-pilaminana ny fifaninanana ny sabotsy sy omaly alahady

Nizotra araka ny fandaharana sy fepetra rehetra napetraka ny fifaninanana hiditra ho mpianatra Zandary manerana ny Nosy izay natao ny andron'ny sabotsy sy omaly alahady. Tonga nizàha ifotony ny fizotran'ny fikarakaràna sy ny fandaminana rehetra momba izany ny jeneraly Richard Ravalomanana, sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, tetsy amin'ny foibem-panadinan'ny faritra Analamanga, Lycée Nanisana, ny sabotsy teo. Nolazainy tamin'izany fa ny anton'ny nampakarana ny mari-pahaizana notakiana hiditra ho Zandary dia ny mba hananan'ireo Zandary traikefa ambonimbony kokoa eo ampanantanterahany ny asany. Nambara ihany koa fa natao amin'ny fomba mangarahara tokoa ity fifaninanana hiditra ho mpianatra Zandary ity, tsy handefitra ihany koa izy amin'ny fandikan-dalàna mandritra izao fifaninanana izao ary handraisàna fepetra manokana mihitsy izay tratra manao izany. Hentitra avokoa ireo mpikarakara sy mpanara-maso rehetra tany amin'ny toeram-panadinana izay nahitàna solontenan'ny Foibe fibaikoana ny Zandarimaria (COMGN), ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly (Bianco) sy ny Ministeran'ny asam-panjakana (FOP) ary Vaditany (huissiers de justice). Tsara ho marihina fa nahatratra 10646 ireo mpiadina raha miisa1036 kosa ireo mpikarakara sy mpanaramaso any amin'ireo ivotoeram-panadinana isam-paritra 22, ka nahitàna efitra (salles) nanaovana fanadinana 323. Efa nomanina mialoha avokoa ny fitaovana raha sanatria nisy ny fahatapahan-jiro sy ny fiavian'ny orana.



*Ny fanadinana hidirana ho mpianatra zandary tetsy amin'ny Lycée Nanisana.*

**Niaina**

Ivato

## Zandary miisa 54 nahavita fiofanana manokana

Tontosa ny zoma teo, tao amin'ny Foibe fampiofanana manokana an'ny Zandarimariam-pirenena etsy Ivato (Centre des Formations spécialisées) ny lanonana ara-miaramila, famaranana ny fiofanan'ireo mpiofana ao amin'ny andiany 3è BS1 Musique sy ny 4è BS1 Cynotechnie ary ny 5è BS1 Moniteur d'intervention Professionnelles. Miisa 13 mirahalahy ireo mpiofana tao amin'ny 3è BS1 Musique, raha 19 mirahalahy kosa ny mpiofana tao amin'ny 4è BS1 Cynotechnie, izay voasokajy ao anatin'ny "Piste et défense, détecteur d'héroïne et des cannabis". Tsara ho marihina fa nahazo alika miisa dimy izay novidiany ny eo anivon'ny fibaikoan'ny Zandarimaria ho an'ireto vondrona manokana ireto. Miisa 22 mianadahy kosa ireo andiany niofana tao amin'ny 5è BS1 "Moniteurs d'interventions Professionnelles", ka ny telo amin'izy ireo dia vehivavy sady izy ireo no vehivavy voalohany tamin'ity andiampiofanana ity. Ny lanonana dia natao teo ambany fiahian'andriamatoa isany jeneraly Rakotobe Willy, nisolo tena ny jeneraly Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, ny jeneraly Rakotobe Christian, lefitra faharoa ny komandin'ny Zandarimariam-pirenena, ny jeneraly Ratovoson Benjamina Arthur, komandin'ireo sekoly sy fampiofanana ary ny jeneraly Tsitambala Nixor , komandin'ny hery vonjitaitra eo anivon'ny Zandarimaria, natrehan'andriamatoa Tonia mpampanoa lalàna lefitra voalohany eo anivon'ny fitsarana ambaratonga voalohany Antananarivo, notronin'ireo manamboninahitra maro sivily sy miaramila ary ny fianakavian'ireo mpiofana. Nandritry ny fandraisam-pitenenana dia nanafatrafatra ny jeneraly Rakotobe Christian, mba hitohizan'ny fahaiza-manao sy ny fianaran'ireo mpiofana ireo. Nofaranana tamin'ny fampisehoana ny traikefan'ireo niofana ny lanonana.



*Ny fampisehoana ny santionan'ny fiofanana teny Ivato.*

**Niaina**

CLUD CENHOSOA

## Nosokafana voalohany ny komity amin'ny ady amin'ny fanaintainana

Notontosaina tao amin'ny Salle de cours ny Hopitaly CENHOSOA (Centre Hospitalier de Soavinandriana), ny herinandro teo ny andro voalohany fisokafan'ny CLUD (Comité de lutte contre la douleur) ao amin'ny Hopitaly CENHOSOA, izay komity miompana amin'ny fandraisana an-tanana ny fanaintainana. Tonga nanotrona izany ny tale Jeneralin'ny CENHOSOA, ny Jeneraly Rakoto Fanomezantsoa, sy ireo mpitsabo manam-boninahitra maro ary ny solontenan'ny Laboratoire UPSA. Ny Lietna Kolonely Hasiniatsy Rodrigue, filohan'ity komity ity no nanao ny famelabelaran-kevitra mikasika ny komity, sy ny asany ary ny tanjona kendreny. Nanomboka tamin'ny 18 aprily 2014 no nisy ny CLUD CENHOSOA ary efa niasa niaraka tamin'ny fikambanana « Douleur sans frontière ». Novelabelarina tao ihany koa ny momba ny fanaintainana ankapobeny sy ny fanaintanana eo amin'ny zaza ary ny fomba fisehony. Ny tanjona dia ny handrindrana sy hanatsara ny fandraisana an-tanana ny fanaintainana, ka hiara-hientana amin'ny fiatrehana izany ny CLUD sy ny CENHOSOA izay tsy mitsahatra nitady sy nikaroka ny tsara sy ny mangarahara ho an'ny marary. Nofaranana tamin'ny fanolorana mari-pankasitrahana tamin'ny fifaninanana sary famantarana ny fotoana.

**Stefa**




*Ny fizarana mari-pankasitrahana tao anivon'ny CLUD ny Hopitaly CENHOSOA.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy ary ho antsika rehetra tsy ankanavaka ihany koa izao manaraka izao : tafalatsaka anaty fahantrana ny vahoaka malagasy sy ny firenena. Tohin'ny niainana t@ fitondrana RAJAONARIMAMPIANINA ihany izao iainana amin'ny fitondrana Rajoelina izao. Lazaina fa mandroso hatrany ny firenena na dia efa latsaka anaty fahantrana lalina aza ny vahoaka . Tsy takona hafenina izany fahantrana izany @ izao fotoana fa dia mangeja ny Malagasy maro an'isa ; etsy andaniny anefa dia mandeha sy mandroso isika hoy ny mpitondra . Ireto tanisaina manaraka ireto ny fahantrana mijady @ vahoaka :

-Manjaka ny tsy fandriampahalemana na ambanivohitra na an-tanàn-dehibe.
-Mahazo vahana ny delestage sy ny tsy fahampiandrano sotroina.
-Manjaka ny kolikoly @ sehatra maro.
-Miakatra isanandro ny vidim-piainana.
-Mitombo isa hatrany ny tsy an'asa.
-Tsy mandeha araka ny niheverana azy ireo fotodrafitrasa ary mifangaro tanteraka ny lalaram-pahamehana sy ny tsy lalaram-pahamehana.
-Simba ary mila fanamboarana ny akamaroan'ny lalam-pirenena.
-Tsy manana vahaolana maharitra ny mpitondra fa variana @ vahaolana vonjy tavanandro.

Ampahany ihany ireo notanisaina ireo ; manoloana izany dia very fanahy mbola velona sy miraviravy tanana tanteraka ny vahoaka . Tsy manan-danja @ vahoka intsony ihany koa ny fifidianana satria zary lasa fotoana very fotsiny ary harahin'ny fanahiana ny tsy maintsy hisian'ny hala-bato. Na izany aza manentana ny rehetra ho mailo ka hiaro ny safidy. Ny zavatra tsikaritra dia ny mbola mandeha sy milamina hatrany no fiheveran'ny mpitondra ny zava-misy eto @ firenena ankehitriny, ary eo, toy ny mahazatra no hahadiso fijery azy ireo.

***Richard Rabetokotany***
***Logt….. Cité Mandroseza, Antananarivo***